



Organisation
internationale
du Travail

**RE
FRAME**



TARI-DALANA TSOTRA

HO AMIN'NY FAMPANANANA ASA
ARA-DRARINY



Organisation
internationale
du Travail



TARI-DALANA TSOTRA

HO AMIN'NY FAMPANANANA ASA
ARA-DRARINY

Desambra 2021

Cette publication a été produite avec le soutien financier de l'Union européenne. Son contenu relève de la seule responsabilité des auteurs et ne reflète pas nécessairement les opinions de l'Union européenne.

Les publications du Bureau international du Travail jouissent de la protection du droit d'auteur en vertu du protocole no 2, annexe à la Convention universelle pour la protection du droit d'auteur. Toutefois, de courts passages pourront être reproduits sans autorisation, à la condition que leur source soit dûment mentionnée. Toute demande d'autorisation de reproduction ou de traduction devra être envoyée à Publications du BIT (Droits et licences), Bureau international du Travail, CH-1211 Genève 22, Suisse, ou par courriel à rights@ilo.org. Ces demandes seront toujours les bienvenues.

Bibliothèques, institutions et autres utilisateurs enregistrés auprès d'un organisme de gestion des droits de reproduction ne peuvent faire des copies qu'en accord avec les conditions et droits qui leur ont été octroyés. Consultez le site www.ifrro.org afin de trouver l'organisme responsable de la gestion des droits de reproduction dans votre pays.

ISBN: (Print) 9789220356807
ISBN: (Web PDF) 9789220356791

Les désignations utilisées dans les publications du BIT, qui sont conformes à la pratique des Nations Unies, et la présentation des données qui y figurent n'impliquent de la part du Bureau international du Travail aucune prise de position quant au statut juridique de tel ou tel pays, zone ou territoire, ou de ses autorités, ni quant au tracé de ses frontières.

Les articles, études et autres textes signés n'engagent que leurs auteurs, et leur publication ne signifie pas que le Bureau international du Travail souscrit aux opinions qui y sont exprimées.

La mention ou la non-mention de telle ou telle entreprise ou de tel ou tel produit ou procédé commercial n'implique de la part du Bureau international du Travail aucune appréciation favorable ou défavorable.

Pour toute information sur les publications et les produits numériques du Bureau international du Travail, consultez notre site Web www.ilo.org/publns.

FIZAHAN-TAKELAKA

FAMPIDIRANA	7
Tanjona faobe	8
Firafitry ny boky	8

NY FAMPANANANA ASA ARA-DRARINY	9
1. Famaritana	9
2. Ireo mpisehatra amin'ny fampananana asa ara-drariny	10
3. 1. Famaritana ireo hevitra lehibe mifandraika amin'ny fampananana asa ara-drariny.....	12
3.1. Ny fahitsim-pitondran-tena eo amin'ny fampananana asa ara-drariny	12
3.2. Ny mira lenta sy ny fampananana asa ara-drariny	13
4. Ny tontolon'ny fandraisana mpiasa eto Madagasikara	13

INONA NO AZONAO ATAO AMIN'NY MAHA

TOMPON'ANDRAIKITRY NY FAMPANANANA ASA ARA- DRARINY IFOTONY ANAO ?	15
1. Ny mira lenta sy ny fampananana asa ara-drariny.....	15
2. Ireo andraikity ny mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy	17
2.1. Mpampiasa sy vondron'ireo mpampiasa.....	18
2.2. Mpiasa sy vondron'ireo mpiasa	28
2.3. . Ny fiarahamonimpirenena	34
3. Fanjohiana sy tombana	42
3.1. Manao fanjohiana ireo asa natao ho amin'ny fampananana asa ara-drariny	42

3.2. Manao tombana ny fametrahana ny fampananana asa

ara-drariny..... 44

FISAORANA 48

LISITRY NY BOATI-KEVITRA

Boaty 1. FANAZAVANA FANAMPINY MOMBAN'NY FAMPANANANA ASA

ARA-DRARINY 10

Boaty 2. IREO METY ENDRIKA FANANARARAOTANA

SY FITRANDRAHANA MITRANGA MANDRITRA NY FANDRAISANA

MPIASA..... 14

Boaty 3. OHATRA FITAOVANA AZO ENTINA ANAOVANA FANJOHIANA

SY TOMBANA IREO ASA NATAO HO AMIN'NY FAMPANANANA ASA ARA-

DRARINY47

FAMPIDIRANA

Ny tari-dalana ho amin'ny asa ara-drariny dia mifototra amin'ireo « fonjakevi-dehibe sy torolalana fampiharana avy amin'ny OIT mahakasika ny asa ara-drariny » nankatoavina ny taona 2016, fitaovana teraka avy amin'ny finjavana hanao fanamby mikasika ny fandraisana mpiasa, indrindra ireo mpila ravinahitra ; anisan'izany : « ny fampihenana ny fanararaotana samihafa sy ny fanondranana olona, ny fampanajana ny zo sy ny mira lenta eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny fahazoam-baovao, ireo fanavaozana mahakasika ny politikan'ny fampananan'asa sy ny filan-dravinahitra, ny fanatsarana ireo tolo-draharaha ho an'ireo mpiasa mila ravinahitra, ny rafi-pitasarana ary ny fitandrovana ny fahitsina mandritra ny dingana rehetra ». Natao ho an'ireo telo tonta mpiara-miombon'antoka ny tar-dalana, dia ny Fitondrampanjakana, ny Mpiasa sy ny Mpampiasa. Ho fampiharana izany eo anivon'ny firenena, ny Tetik'asa « Hetsika iraisam-pirenena ho fanavaozana ny sehatra fandraisana mpiasa mpila ravinahitra » (REFRAME) notanterahana teto Madagasikara, dia nametraka ireo Ivon'andraikitra ifotony hivondronan'ireo solotenan'ny mpiara-miombon'antoka sosialy sy ireo fiarahamonim-pirenena. Izy ireo amin'izany no ho mpivoy ny fahamendrehana hampanaja ny rariny amin'ny asa. Narafitra hanampy azy ireo amin'ny andraikiny ity tari-dalana ity. Ho fanadiovana ny tontolo manodidina ny asa filan-dravinahitra, handraisan'ny mpisehatra rehetra anjara, no vokatra lavitr'ezaka andrasana amin'izany.

Ankoatr'ireo fonjakevi-dehibe sy ireo tondrozotra fampiharana avy amin'ny OIT mikasika ny asa ara-drariny, dia voarakitra anatin'ity tari-dalana tsotra ity ireo toromarika maromaro, tsy an-tery, tokony ho hita eo amin'ny fomba fiasa andavanandro mivoy ny fahitsina sy ny fandraisan'andraikitra ho amin'ny asa ara-drariny.

Tanjona faobe

Rehefa mamaky sy mampihatra ity tari-dalana ity ireo tompon'andraikitry ny Ivon'andraikitra dia:

- Mandray anjara sahady amin'ny fampananana asa ara-drariny
- Hanana valiteny sy vahaolana eo noho eo ho an'ireo pitsopitsony mikasika ny asa ara-drariny
- Afaka hahatakatra tsara sy handray ny andraikiny avy ireo mpiara-miombon'antoka sosialy sy firahamonim-pirenena ho amin'ny asa ara-drariny
- Hanana fahazarana miasa manaja ny fahitsina sy ny ara-drariny eo amin'ny asa andavanandro
- Tonga filan-kevitra sy ambasadaoro mahakasika ny asa ara-drariny eto Madagasikara

Firafitry ny boky

Mizara telo mazava ny firafitry ny boky taridalana, dia ny anjara andraikitryn'ny mpampiasa, ny mpiasa ary ny anjara andraikitryn'ny fikambanana fiarahamonim-pirenena. Ny fizarana tsirairay dia ahitana ny lisitry ny torolàlana, famaritana maro samihafa, soso-kevitra ary ohatra mivaingana sy mazava afaka ampiarina. Amin'ny faran'ny tapany voalohany sy faharoa dia ahitana ihany koa torolàlana natokana ho an'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny fikambanan'ny mpiasa, heverina ho toy ny rafitra iray.

Fr : Principes généraux et directives opérationnelles de l'OIT en matière de recrutement équitable

Fr : Points focaux

NY FAMPANANANA ASA ARA-DRARINY

1. Famaritana

« Ny boatin-kevitra ho amin'ny fampiofanana- Mametraka tondrozotra ho amin'ny fampananana asa ara-drariny » novokarin'ny OIT, mifototra amin'ireo fonjakevi-dehibe napetraky ny OIT no mamaritra ny atao hoe fampananana asa ara-drariny :

- Ny fahitsiana eo anivon'ny fitondran-tena, manaraka ny lalàna manan-kery ary mifandraika amin'ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny asa sy ny filan-dravinahitra. Ireto no santionany takian'izany : Ny fanofanana mpiasa, ny fizarana sy fanapariahana ny vaovao feno mikasika ny fandraisana mpiasa sy ny pitsopitsony takian'izany
- Ny fanajana ny zon'olombelona : zo hisakafo madio sy arapotoana, zo amin'ny toeram-ponenana manara-penitra, zo hahalala vaovao, zo hahazo fitsaboana sy hiditra hopitaly, fahafahana mivezivezy
- Manoro sy mitari-dalana ny mpiasa
- Tsy manavakavaka (amin'ny maha-lahy na vavy, tanora, vondron'olona marefo sy manan-kilema...), ara-poko, na fihaviana na ny sata ara-tsosialy.
- Maimaimpoana sy miaro ny mpiasa amin'izay mety ho fanararaotana na varotr'olona, indrindra amin'ireo vondron'olona marefo, toa ny : vehivavy, mpila ravinahitra, mpiasa an-trano, mpiasa tsy manara-drafitra
- Mampandray anjara ireo vondron'ny mpampiasa, ireo vondron'ny mpiasa, ary ny fiaraha-monimpirenena anaty dinika ara-tsosialy, fifanakalozam-baovao sy fiofanana ho fampivoarana fanao nahitam-pahombiazana mikasika ny fampananana asa ara-drariny.

Boaty 1. FANAZAVANA FANAMPINY MOMBAN'NY FAMPANANANA ASA ARA-DRARINY

Na tsy misy aza ny famaritana iraisam-pirenena ny atao hoe “Fampananana asa ara-drariny” dia azo raisina izany ho fampananana asa manaja ny lalàna, ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny asa sy ny zon’olombelona, ary tsy manavaka sy miaro ny mpiasa amin’ireo fanararaotana samihafa. Ny hetsika fampananana asa ara-drariny dia mikendry ny fisorohana ny varotra olona sy ny asa anterivozona; ary miaro ny zon’ny mpiasa, ka isan’izany ireo mpila ravinahitra, amin’ny fanararaotana sy ny hosoka samihafa mandritra ny fandraisana mpiasa ; natao ihany koa hampiena ny saran’ny fifindra-monina noho ny asa aman-draharaha ary hitondra vokatra ho amin’ny fampandrosoana.

2. Ireo mpisehatra amin’ny fampananana asa ara-drariny

Mitaky fandraisana anjara feno avy amin’ireo mpisehatra rehetra amin’ny alalan’ny fiaraha-miombon’antoka sy ny dinika sosialy ny fampiharana matotra ny fampananana asa ara-drariny. Ireto avy izy ireo sy ny zara-asany avy amin’ny ankapobeny :

- Ny fanjakana avy amin’ny firenena niaviana sy mpandray no miara-mamaritra ireo fepetra araka ny lalàna hifehy ny fandraisana mpiasa sy ny ho fizotran’izany, mitsirika izay mety ho fanararaotana ary mitondra vaha-olana amin’izany sy mandrafitra ireo fifanarahana eo amin’ny roa tonta na ny firenena maromaro
- Ny mpampiasa no mampiasa ireo mpiasa
- Ireo mpitady mpiasa no manatanteraka ny fandraisana ny mpiasa ary mametraka azy any amin’ny mpampiasa

- Ireo vondron'ny mpiasa no manatanteraka ny adi-sisika : fihanonana avo lenta, hetsi-bahoaka (adihevitra, fihetsiketsehana, filaharana...) mitodika any amin'ny mpanapakevitra mba hanome vahana ny politika sy ny tanjom-panovana tian-kotratrarina
- Ireo fikambanana sy vondron'ny mpampiasa no mampiofana sy manetsiketsika ny mpikambana ao aminy mikasika ny fitsipiky ny fampananana asa ara-drariny
- Ireo vondron'ny fikambanana tsy miankina no mandrafitra ny tetik'asa sy ny hetsika tokony hatao : fanaovana velan-kevitra sy/na seho samihafa mampivondrona ireo mpandray anjara sy mpisehatra amin'ny fampivoarana ny fampananan'asa miankina na tsia amin'ny fanjakana, mametraka rafitra hifanakalozana sy fampahalalam-baovao mikasika ny filan-dravinahitra, fanomezana ireo antotam-baovao vita sedra mikasika ireo mpiasa vehivavy sy tanora, fanofanana sy fanatevenampahalalana eo amin'ny fandaminana ho an'ireo mpisehatra samihafa mikasika ny fampananana asa ara-drariny, fampiofanana manokana (miralente, zon'olombelona, lalànan'ny asa, fahitsiana...)



"© Organisation Internationale du Travail / COEF Ressources"

Mpiara miasa amin'ny ben'ny tanànan'ny Andapa mikarakara ny fanomezana Kara-panondrom-pirenena sy antontan-taratasy hafa ilaina amin'ireo dingana ara-panjakana ahafahana miasa any ivelany

- Ireo mpiasa isam-batan'olona no ho mpitady asa sy mamitatra ny fahaiza-miasany amin'ny alalan'ny fandraisan'anjara amin'ireo fiofanana na hetsika natokana ho an'ny asa sy ny tolotr'asa. Mila mikarokaroka izy ireo ary mitady ny vaovao eny amin'ny seraseram-baovao any amin'ireo foiben-toerana mikirakira ny fampananan'asa, naireo peta-drindrina eny amin'ny biraom-panjakana.
- Ireo mpampahalala vaovao no mampita ny vaovao sy ny hevitra ny olona mikasika ireo mpila ravinahitra sy ny fampananana asa ara-drariny.

3. Famaritana ireo hevitra lehibe mifandraika amin'ny fampananana asa ara-drariny

3.1 Ny fahitsim-pitondran-tena eo amin'ny fampananana asa ara-drariny

Ny fahitsiana eo amin'ny fandraisana mpiasa dia miorina amin'ny : fahafehazan-tena sy ny fangaraharan'ny antontam-baovao, ny fahalalana ; ny fiarovana fampanajana ny zon'ny mpitady asa, anisan'izany ny maha-maimaimpoana ny tolo-draharaha.

Ny tompon'andraikitra ifotony dia tsy mainsty manana toetra amam-pihetsika mandala ny soa toavina ara-pitondrantena sy arak'asa :

- Manaja ny tsiambaratelo
- Manatanteraka ny asa amin-tsikipo
- Tsy mampiasa ny zava-pantatra ho loharanom-pahefana
- Manaja sy mampitovy lenta ny isam-batan'olona sy ny vondron'olona karakarainy

Samy afaka mametraka ny fitsipi-pahitsiana mifanaraka amin'ny andraikiny ny isam-bondrona.

3.2 Ny mira lenta sy ny fampananana asa ara-drariny

Ny anjara-toeran'ny vehivavy sy ny miralenta dia singa manokana tsy maintsy hifotorana amin'ny fampananana asa ara-drariny. Izany dia noho ny fiheverana mifamatotra amin'ny miralenta sy ny vehivavy, indrindra ireo vehivavy mpila ravinahitra, izay manondro azy ireo ho tena tandindomin-doza manoloana ireo fanararaotana mandritra ny fandraisana mpiasa, na ao amin'ny tany nihaviany, na any amin'ireo tany andalovany, na any amin'ny tany hivantanany.

Ireo karazam-panararaotana mpahazo ireo vehivavy mila ravinahitra:

- Fanararaotana ara-bola, herisetra ara-batana, ara-tsaina sy aranofo mandritra ireo fanofanana mialohan'ny fiaingana ataon'ireo foiben-toerana mpandray mpiasa
- Fiankinan-doha amin'olon-tsy fantatra na ireo foibe mpandray mpiasa tsy nahazo alalana, izay matetika mandao ireo mpiasavavy mila ravinahitra any amin'ny tany tsy fantatra, ary mamela azy ireo ho viravirain'ny fanararaotana samihafa : tsy fanajana ny voarakitry ny fifanarahana arak'asa, ny asa anterivozona, ny fangejana. Ireo mpiasa an-tranono matetika ihanan'izany

4. Ny tontolon'ny fandraisana mpiasa eto Madagasikara

Raha ho an'i Madagasikara, dia ireo firenena arabo-persiques sy ireo firenena manodidina no tena safidin'ny mpila ravinahitra. Ny ankamaroan'ireo mpiasa mpila ravinahitra, izay vehivavy ny 81%, dia ambany ny fari-pahalalana ananany ary miasa amin'ny sehatry ny asa an-trano, ny indostrian'ny lamba sy ny hazan-dranomasina.

Na dia teo aza ireo ezaka samihafa ho fanatsarana ny lafiny lalàna sy fitsipika mifehy ny filan-dravinahitra, dia tsapa fa misy

fahabangana eo amin'ny fepetra ankapobeny ary ny tsy fahamarinantoeran'ny rafi-pitondrana misahana ny filan-dravinahitra. Vokatry izany dia betsaka ireo mpila ravinahitra no misedra olana any amin'ny tany hivahininy, ary iharan'ny fanararaotana samihafa manohitohina ny zo maha-olona sy maha-mpiasa azy.

Mitera-pahavoazana matetika ho an'ny mpiasa ny fisian'ireo hosoka sy fanararaotana mandritra ny fandraisana mpiasa ireo, toa ny asa anterivozona sy ny varotr'olona. Amin'ny ankapobeny, araka ny fandalinana samihafa natao mikasika ny filan-dravinahitra eto Madagasikara na maneran-tany, dia ny vehivavy no tena tataovan-doza amin'ny fotoana handraisana mpiasa sy mandritra ny fotoana hiasana.

Boaty 2. Ireo mety endrika fananararaotana sy fitrandrahana mitranga mandritra ny fandraisana mpiasa

Fanerena ny mpiasa handoa sarany na tambiny hoan'ny mpikarakara mampiditra mpiasa

Fandrahonana na fanaovana rahom-bava na fanerena ara-tsaina atao amin'ny mpitady asa

Fitaka sy fampanantenana poak'aty mikasika ny ho fiaimpiainana hovantanina nany arak'asa

Fitaka sy hosoka eo amin'ny antonta-taratasy haroso eo amin'ny fitondrana mahefa

Fanafenana ny marina iniana atao na sivana eo amin'ny tokony ho fantatry ny mpiasa mikasika ny zony

Famerana ny fahalalahana mivezivezy

Fanagiazana ireo antontan-taratasy hoenti-mivezivezy sy mombamomba ny mpitady asa hahazoana mifehy azy

Fanandevozana ho tambin'ny fanonerana ny saran'ny fandraisana mpiasa

Fanararaotana ara-batana sy ara-nofa ataon'ny mpandray mpiasa

Fandraisana mpiasa tsy ampy taona

Fandraisana mpiasa amina asa tsy azo antoka sy mety hampidoza.

INONA NO AZONAO ATAO AMIN'NY MAHA TOMPON'ANDRAIKITRY NY FAMPANANANA ASA ARA-DRARINY IFOTONY ANAO ?

Ireo tompon'andraikitra ifotony, misy ireo solontenan'ny vondron'ny mpampiasa sy ny vondron'ny mpiasa ary ireo fiaraha-monimpirenena, no ho antoky ny fampiharana ireo fonjakevi-dehibe sy tondrozotra fampiharana avy amin'ny OIT mikasika ny fampananana asa ara-drariny. Ho mpanara-maso fisorohana ireo hosoka sy fanararaotana amin'ny fampidirana mpiasa, ary mpandray anjara feno amin'ny fiarovana ny zo sy ny kalitaon'ny tolo-draharaha omena ny mpiasa mila ravinahitra : **toro-lalana sy fampitam-baovao ho an'ny mpila ravinahitra mialoha ny fiaingana, ny ara-maso mandritra ny fiampianana any amin'ny firenena ivantanana, ary ny fanampiana eo amin'ny fameloman-tena rehefa tafaverina indray.**

1. Ny mira lenta sy ny fampananana asa ara-drariny

Ireo mpiray ombon'antoka ara-tsosialy sy ny firahamonimpirenena dia tsy maintsy mivohy ny fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny miralenta eo amin'ny fomba fiasany. Hiraka hotanterahan'izy ireo ny fampihenana ny elanelana sy ny fanararaotana amin'ny alalan'ny tsindry mitohy sy voarindra eo amin'ny fandrafetana politika sy ny fomba fiasa amin'ny fampananana asa ara-drariny. Tsara toerana tokoa izy ireo ho mpanetsiketsika ireo mpisehatra voakasiky ny miralenta.

Ireo tompon'andraikitra ifotony dia tokony hampiditra anaty paikady ireo singa manokana mikendry ny fanafoanana ny fanavakavahana ny vehivavy sy ny miralenta mandritra ny fandraisanampiasa. Noho izany dia amporisihana izy ireo :

- Haka ny hevitra ny vehivavy ary hamantatra izay filàny manokana hoenti-miady hevitra mikasika ny fomba handrindrana ny fampidirana mpiasa
- Hira-miasa amin'ireo rafitra miady ho an'ny vehivavy eo amin'ny firenena, haka fommaba fiasa mitsinjo hatrany ny miralenta eo amin'ny fampananana asa ara-drariny
- Hanangona sy hizara ireo antonta-kevitra vita sedra (Antotan'isa, fanao nahitam-pahombiazana sy fandalinana tranga manokana) – lahy sy vavy- ary hitrandraka izany ho amin'ny fampananana asa ara-drariny
- Hanohana ny mpiasa ary handray anjara amin'ireo hetsika mikendry ny miralenta, indrindra ny fameloman-tenan'ny vehivavy ;
- Hanabe voa ny fahalalan'ny vehivavy mila ravinahitra mikasika ny zony
- Hametraka sehatra mitsinjo ny fahafahan'ny vehivavy mitory ny fanararaotana amin'ny alalan'ny fanatevenana ny tolo-draharaha

Boatin-kevitra - Ohatra mikasika ny fampivoarana ny miralenta ho fampananana asa ara-drariny



Marihana hatrany ao anaty fanamarinam-pahatongavana ny maha- lahy na vavy ny mpandray anjara amina fivoriana na atrik'asa hahafahana manombana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny adi-hevitra sy fandraisana fanapahankevitra.



Mangataka ary miady sisika hisian'ny « Brigade feminine » hanomezana vahana ny fitorohana ireo fanararaotana sy fitrandrahana atao amin'ny vehivavy.

2. Ireo andraikitry ny mpiara-miombon' antoka ara-tsosialy

Ny drafitra marolafy mikasika ny filan-dravinahitra, nataon'ny OIT, dia manindry ny maha-zavadehibe ny zara-asan'ny mpiara miombon'antoka ara-tsosialy eo amin'ny fandrafetana politikan'ny filan-dravinahitra, ny firaha-miasa iraisam-pirenena, ny fisorohana ny asa fanararaotana eo amin'ny sehatry ny filan-dravinahitra, ny fampiatiana sy ny fiaimpiainana ara-tsosialy



"© Organisation Internationale du Travail / COEF Ressources"

Niasa an-trano tany Koety i Estella tamin'ny 2016 ka hatramin'ny 2018. Manambady ary vao niteraka vao aingana. Nisedra fahasahiranana i Estella rehefa niverina teto Madagasikara satria dia nolanin'ny havany ny tahiry izay nangoniny tany ivelany.

**Mpampiasa
sy vondron'ireo
mpampiasa**



Fandavan-tena amin'ny fandraisan'anjara / Manana toetra malina sy mitsinjo ireo mpiasa

Fanazavana : fitsirihana sy fisorohana ny mety ho fanohitohinana ny zon'olombelona eo amin'ny fanatanterahana ny asa aman-draharahany, na mety ho vokatr'izany sy ny tolo-draharaha avy amin'ireo orin'asa hafa iarahany miasa, manao izay hampalefaka izany ary mampahafantatra izay fomba hanarenana izany. Manao tombana ny fahavoazana nitranga na mety hitranga eo amin'ny zo maha-olombelona, manambatra ny tranga rehetra hita ary manao izay hitondram-bahaolana, manao firaketana ireo fepetra noraisina ary manao tatitra ny fomba nanarenana ny fahavoazana. *(Source : Document sur Principes généraux et directives opérationnelles concernant le recrutement équitable et définition des commissions de recrutement et frais connexes)*



Manaiky hanaja ireo fenitra sy fomba fiasa iraisam-pirenena

- Marihana hatrany ny mombamomba ireo mpandray anjara tsirairay (Mpampiasa, mpiasa sy/na foiben-toerana mpandray mpiasa)
- Marihana mazava izay anjara asa manokana tandrify ny mpiasa sy ny zara-andraikitra ny mpandray anjara tsirairay
- Marihana mazava ny faharetan'ny fifanarahana'asa sy ny resaka karaman'ny mpiasa
- Raketina an-tsoratra koa ny toeram-ponenana, ny fahafahana mitsabo tena sy ny ara-pahasalamana
- Raketina an-tsoratra ihany koa ny fahafahana mivezivezy sy miserasera, ny fanomezan-dalana hiasa sy ny “visa”, ny fotoana

fakana aina sy fiasana, ny fialan-tsasatra sy ny fihatoana noho ny aretina, ny fiakaran'ny fifanarahan'asa, ny saran'ny fandraisana mpiasa sy ireo fandaniana samihafa, ary ny fomba nentina nandaminana izay hevitra tsy nampifanaraka.

Manaiky hampihatra ireo fonja-kevidehibe mifehy ny fampananana asa ara-drariny sy ny fampivoarana ny asa mendrika

- Mitaky amin'ireo « Agence d'emploi » ny fampiharana ireo fepetra mikasika ny fampananana asa ara-drariny
- Hampitoviana endrika ireo tolotr'asa ahely hahafahana manao tombana mikasika ny fangaraharana
- Manaparitaka sy mampahafantatra ireo tranga fanararaotra sy ireo fanao azo alain-tahaka mikasika ny fanajana ny zon'olombelona sy fiarovany mpiasa
- Ampiasaina ireo fitaovan-tserasera manakaiky vahoaka:
 - ✓ radio sy televiziona any amin'ny faritra ho an'ireo tolotr'asa mahafaobe
 - ✓ Tranokalam-pifandraisana sy sehatra fahalalam-baovao amin'ny anteroneto
- Manao peta-drindrina eny amin'ny biraon'ireo sampandraharaham-panjakana sy vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, any amin'ireo ONG sy toerana samihafa, mamporisika sy mandray anjara amin'ny politika mitodika amin'ny tsena sy mampanara-drafitra, manome vahana ireo tena marefo, toa ny vehivavy sy ireo manana fahasembanana.
- Manokana sora-bola mba ho maimaimpoana hatrany ho an'ny mpitady asa ny fanomezana asa azy ireo.
- Miantoka ny tsy fitanilàna eo amin'ny miralenta sy ny maha-lahy na vavy eo amin'ny fandraisana mpiasa
- Mamporisika ireo « agence d'emploi » mpandray mpiasa hiaramiasa amin'ireo vondron'ny mpampiasa ka hanampy azy ireo amin'ny fampanaraham-penitra sy ny fahaiza-miasa.
- Homena vahana ny fomba fiasa iarahana anaty vondrona sy ny filalaovana an-tsehatra ireo trangana hosoka sy fanararaotana mety hiseho.

Boatin-kevitra

Ohatra amin'ny asa fandraisana mpiasa tsy andoavam-bola



Mikarakara fihaonamben'ny tolotr'asa hahafahana mandray mpiasa faobe sy tsy misy sarany

Ohatry amin'ny asa mivaingana amin'ny fampananana asa ara-drariny sy fandavan-tena amin'ny fandraisan'anjara sahaza



Mandrafitra fifanaraham-piarahamiasa amin'ireo foibe mpandray mpiasa tsy miankina manaja ny fonja-kevidehiben'ny fampananana asa ara-drariny



Manome fiofanana ireo foibe fandraisana mpiasa ho fanatevenam-pahalalana mikasika ny fampananana asaara-drariny sy ny mampanara-penitra



Mametraka fomba fiasa mamporisika ny mpiasa hametraka fitarainana sy fitorohana ireo fanararaotana na fanohitohinana ny zon'olombelona nitranga mandritra ny fandraisana mpiasa



Manao fivoriana ara-potoana iraisan'ny sendikan'ny mpiasa sy ireo Mpitsirika asa ho sehatra famahana olana sy fanatevenana ireo fomba fiasa mahomby.



Fandraisan'anjara ho amin'ny filandravin'ahitra ara-drariny

- Miara-miasa ny fanjakana sy ireo « agence d'emploi » amin'ny fandrafetana taranjam-pahaizana ho fanomanana ireo mpiasa mila ravinahitra
- Manome fiofanana sy fizaran-draharaha mialoha ny fiaingana ho an'ireo mpiasa mpila ravinahitra
- Mandray anjara feno amin'ny fanatanterahana ny politika mampiroborobo ny fampananan'asa ho fandraisana an-tanana ireo mpiasa tafaverina an-tanindrazana, miaraka amin'ireo fiarahamonim-pirenena sy ireo foibe mpandray mpiasa. Mety hanamora ny asa ny fananana ny lisitra misy ireo rafitra nandray an-tanana sy ny fanarahan-dia ny fizotry ny asany avy. Mandrafitra sy manasonia fifanarahana amin'izy ireny araka izay mahamety azy
- Mandray anjara amin'ny politika fanomezan-danja ny traikefa azo, sy ny fampitana izany
- Mandefa ny lisitr'ireo "agence d'emploi" manara-dalàna sy manaja ny zon'olombelona mankany amin'ireo mpampiasa any amin'ny firenena hivantana



Sary fiainanana andavan'andro ao an-tanànan'i Andapa izay miavaka amin'ny fiparitahin'ny Tuk-Tuk ary fivarotana amoron-dàlana mameno ny arabe.

"© Organisation Internationale du Travail / COEF Ressources"

HO AN'IREO VONDRON'NY MPAMPIASA



Manatevina ny firafitry ny lalàna ho an'ny fampananana asa ara-drariny

- Manao fanarahana akaiky izay hetsika rehetra mikasika ny fanavaozana atao amin'ny fehezan-dalàna na lalàna hafa mety hisy fiatraikany lehibe eo amin'ny fandraisana mpiasa. Misy ireo tatitry ny voka-pikarohana mitohy mety hanampy amin'ny fanapahan-kevitra ary hahafahana mitondra fanitsiana sy/na hevitra vaovao ho fanatsarana ireo fenitra sy fitsipi-dalàna efa mihatra.
- Manatanteraka fanadihadiana mikasika ny fahafaham-po azo sy manao fandalinana tranga manokana izay hanampy betsaka amin'ny fanatsarana ireo raki-dalàna mifehy ny fandraisana mpiasa ao amin'ireo lalàna fototry ny firenena.
- Manangana antotan-kevitra maneho ny lesoka tsapa amin'ny alalan'ny hafatra tsotra sy mazava mitondra sosokevipanatsarana, ary manatanteraka hetsika adi-sisika hanosehana ny fanapahan-kevitra mankany amin'ny fandalàna misimisy kokoa hatrany ny zon'olombelona, ny tsy fanavakavahana, ny fitoviana eo amin'ny maha-lahy sy vavy ary ny ady amin'ny asa an-terivozona sy varotr'olona.
- Manao tatitra an-tsoratra ireo hetsika adi-sisika natao, hahafahana mitondra tombana sy ara-dia ny ezaka vita sy ny vokatry azo ho amin'ny fanamafisana ny rafi-dalàna mifehy ny fampananana asa ara-drariny.



Mizara vaovao mikasika ireo lalàna mifehy ny asa sy ireo zo fototry ny mpiasa

- Mandrafitra antonta-kevitra lehibe hanangonana sy hanasokajiana ireo lalàna samihafa sy karazam-pitsipika mirakitra ny zon'olombelona sy zon'ny mpiasa
- Mizara ireo antontam-baovao amin'ny alalan'ireo fitaovan-teraserana manakaiky vahoaka any amin'ny faritra tsirairay :
 - ✓ radio sy televiziona any amin'ny faritra ho an'ireo tolotr'asa mahafaobe
 - ✓ Tranokalam-pifandraisana sy sehatra fahalalam-baovao amin'ny anteroneto
 - ✓ Manao peta-drindrina eny amin'ny biraon'ireo sampan-draharaham-panjakana sy vondrombahoaka itsinjaram-pahefana, any amin'ireo ONG sy toerana samihafa
- Fanaovana hetsika hamoriana ireo mpisehatra rehetra afaka hitondra fanazavana ireo fitsipika sy foto-kevitra tiana hasongadina. Tondro refina amin'ny fahombiazana ny serasera natao ny fampandraisan'anjara sy fifamatorana tafapetraka eo amin'ny mpisehatra rehetra.



Manofana ny mpiasa hamaly ny filàn'ny mpandray mpiasa

- Mametraka rafitra fanangonam-baovao misokatra ho an'ireo orin'asa mpikambana sy mpamorona asa, mba hahafantarana foana ny tolotr'asa misy eo amin'ny tsehan'ny asa. Tokony ho hita ao anatin'izany farafahakeliny ny fisy na takelaka ho fenoina (taratasy na anaty tambazotra anterineto), mirakitra ny mombamomba ilay asa, ny toerana sy fepetra fandraisana mpiasa, ireo ho fiaimpiainana miandry, ary tsy adino ny fifanarahana'asa.

- Manao fandalinana famakafakana KAPB (Fahalalana, Toetra, Fanao sy Fihetsika) hoenti-manombana ireo mpiasa. Hahafahana mamokatra rafi-pahalalana faobe mamaly ny filàna ara-pahaizana voatsirika ho banga ny vokatr'izany
- Miara-miasa amin'ireo mpisehara samihafa hanatanterahana fiofanana mahakasika loha-hevitra manokana toa ny Zon'olombelona, ny fotokevitry ny fahalalahana ara-tsendikaly sy ny fifampiraharahana iombonana, ny ady amin'ny asa anterivozona sy ny varotr'olona. Ho fitaovana ilaina amin'ny asa fanjohiana ny fahaizana amam-pahalalana hananana sy ireo zava-bita ny fifanarahana fiarahamiombon'antoka sy tatitry ny fiofanana atao amin'izany



Manentana sy manofana ireo mpikambana mikasika ny fampananana asa ara-drariny, ka hasongadina ny fandavan-tena amin'ny fandraisan' anjara amin-kitsipo

- langaviana ireo ONG sy fikambanana sendikaly hanatanteraka fanofanana mahakasika loha-hevitra manokana toa ny Zon'olombelona, ny fotokevitry ny fahalalahana ara-tsendikaly sy ny fifampiraharahana iombonana, ny ady amin'ny asa anterivozona sy ny varotr'olona.
- Homena vahana ny fanadihadiana tranga manokana sy ny filalaovana an-tsehatra izany hahafantarana araka izay tratra ny tena zava-misy
- Mandrafitra ireo fitaovana lasitra ho an'ny mpikambana (Modely fifanarahana arak'asa...)
- Entina anaty adi-hevitra mandritra ny dinika sosialy sy ny fifanarahana iombonana ireo olana samihafa mifandraika amin'ny fampidirana mpiasa

- Manatanteraka atrik'asa hifanakalozan-kevitra miaraka amin'ireo vondron'ny mpiasa sy ireo fiarahamonimpirenena hikaroham-bahaolana ho an'ireo olan'ny fampidirana mpiasa. Ireo tatitra an-tsoratra ny atrik'asa sy fivoriana samihafa no hahitana ireo fanamby mipetraka isaky ny sokajina mpisehatra.
- Arafitra ny tohan-kevitra ary hajoro ny paik'ady hoenti-mifampiraharaha amin'ny fanatanterahana ny fampananana asa ara-drariny
- Tsindriana mafy ny famahana ireo olan'ny fanararaotana mahakasika ny filan-dravinahitry ny mpiasa, amin'ny alalan'ny fampiasana malalaka ireo rafitra mpandray fitarainana sy fandravonana disadisa. Zava-dehibe ny mifantoka manokana amin'ireo fanararaotana samihafa mpahazo ireo vehivavy mpiasa an-trano any amin'ny firenena hivantanany. Rehefa izay dia tokony ho hita taratra anatin'ireo fifampiraharaha iombonana izay rehetra mety ho fepetra manadrify ny tranga samihafa.



Miara-miasa amin'ireo rafi-pitondrana misahana ny fampananan'asa sy ny asa, toa ireo mpitsirik'asa, ho fampiharana feno ireo fonjan-kevidehiben'ny fampananana asa ara-drariny

- Mifanakalo hevitra hatrahy amin'ireo mpitsirik'asa hahazoana vaovao sy ireo voka-pandalinana mikasika ireo fanararaotana sy hosoka mateti-pitranga eo amin'ny tolon'ny asa. Mametraka fitaovana (Taratasy ho fenoina...) na sehatra hifanakalozana amin'ny anterineto, hahafahan'izy ireo mitatitra izay tsy fanarahan-dalàna tojo azy.
- Manao hetsika adi-sisika mikasika ny fampananana asa ara-drariny eo anivon'ny Filankevi-pirenena momba ny asa sy/na anaty sehatra hafa misy eto amin'ny firenena

- Ampiasaina ny fomba fandalinana: FFOM (Tanjaka, Lesoka, Fanararaotra, Loza Mitatao), PESTEL (Politika, Toekarena, Sosialy, Teknolojia, Tontolo lainana, Lalàna) rehefa handrafitra politika sy ireo fifanarahana eo amin'ny samy firenena na amin'ny firenena maro .
- Mandrafitra hafatra sy tohan-kevitra miainga amin'ireo voka-pandalinana, ary voriana ireo mpisehatra rehetra, indrindra ny fiaraha-monimpirenena hahazoan'izy ireo mitondra ny traikefany avy amin'ny sehatr'asa sahan'ny avy.
- Araraotina ny hetsika ofisialy samihafa hampitana ireo hafatra fototra (fivoriana ny telo tonta, filankevim-pitantanana...)



Rehefa avy niasa roa taona tany Koety i Farina dia afaka nanamboatra trano sy nanokatra toeram-pivarotana

**Mpiasa
sy vondron'ireo
mpiasa**



Fanatevenam-pahalalana ho an'ny vondron'ny mpiasa

- Maka ara-potoana any amin'ny tompo'ndraikitra voakasika ny vaovao sy ny fivoaran'ny lafiny lalàna momba ny fampananana'asa sy ny asa.
- Mandaray anjara feno amin'ny fandaharan'asa fanatevenam-pahalalana mitodika amin'ny fampananana asa ara-drariny, fiarovana ny zon'olombelona sy ny lalàna mifehy ny asa, indrindra ny mpiasa mila ravinahitra.
- Manatanteraka fihaonana amin'ny mpikambana hifanakalozambaovao mikasika ny fivoaran'ny tontolon'ny asa ary mandraay ny fitarainana hikoroham-bahaolana miaraka.
- Asiana tondro-refy hanaovana fanjohiana anaty tatitra hifampizarana sy hampiharina amina hetsika madinika azo tanterahana. Miantsehatra sy miara-miasa amin'ireo rohipikambanan'ny mpiasa iraisam-pirenena hahafahana mampivelatra ny sehatry ny fiarovana ny mpiasa mila ravinahitra.



Mitondra tolo-draharaha manampy ny mpiasa manao fanamarinana ny fifanarahana'asa sy ireo antota-taratsin'ny mpiasa

- Manatanteraka hetsika fanentanana mikasika ny fampananana asa ara-drariny
- Ho an'ny antonta-taratasy rehetra sy ny fifanarahana arak'asa, dia hamaritana fomba hanaovana tombana azy araka ireo refitondro mifototra amin'ny fampananana asa ara-drariny sy ny fenitra iraisam-pirenena lasitra momba ny asa.
- Mamolavola fitaovan-tserasera Afisy, bokikely, raki-tsary na raki-peo) hanaovana fanentanana ny mpikambana sy ny mpiasa mikasika ny zo sy ny fahavoazana mety hitranga manitra ny fampidirana mpiasa

Haparitaka ary hanaovana fanentanana ireo paipaik'ady fanaovana fitorohana ny tsy fahatomombanana ary apetraka ny tolo-draharaha manokana ho amin'izany



Dinihana anaty mangarahara mandritra ny dinika sosialy ny mikasika ireo hosoka sy fanararaotana mpitranga amin'ny fandraisana mpiasa

- Hanaovana tatitra any amin'ny mpampiasa sy ireo manam-pahefana tompon'andraiitra ireo hosoka fanaon'ny mpandray mpiasa, ary atao lisitra mainty
- Hentanina ireo mpadray mpiasa hanaraka ireo fomfomba aradrariny amin'ny fandraisana mpiasa
- Hampandraisina anjara ireo polisy vavy hanao ny fanadihadiana sy handrafitra andiam-panontaniana manokana ho an'ireo mpiasa an-trano vehivavy iharan'ny asa anterivozona sy ny varotr'olona
- Manao ny tatitra fanjohiana ireo antota-taratasy ary hifampizarana ny fomba fanjohiana vita sedra ho fahalalana mipetraka ho an'ny mpisehatra rehetra amin'ny fampananana asa ara-drariny



"© Organisation Internationale du Travail /
COEF Ressources"

Birao iray eo anivon'ny Prefektioran'i Sambava, miandraikitra manokana ny fanadihadiana momba ny fitondran-tenan' ny olona mikasa hiasa any ivelan'ny (enquête de moralité), ny fanolorana azy ny bulletin n ° 3, antontan-taratasy ilaina ho an'ny fahazoana alàlana masa any ivelany



Fandraisan'anjara hisian'ny ara-drariny eo amin'ny asa filan-dravinahitra

- Arahana akaiky ireo mpiasa mila ravin'ahitra mandritra ny fotoana rehetra fifandra-monina : Omena ireo mpiasa ny vaovao rehetra sy ny toro-lalàna mialoha ny fiaingana, homanina tsara ny mpiasa hahay matrika ny fotoana rehetra amin'ny filan-dravinahitra hizarany
- Hentanina ny mpiasa mpila ravinahitra hiditra ho mpikambana amin'ireo fivondronan'ny mpiasa
- Hierana ny mpiasa raha tiany ny hitazomana ny fifandraisana amin'ireo olo-pantany sy ireo akaiky azy, hisian'ny fanjohiana isam-batan'olona
- Mametraka fiaraha-miasa sy fifandraisana mitohy amin'ireo mpiara-miombonantoka tsy miankina amin'ny fanjakana sy ireo solontena diplomatika any amin'ireo firenena hivantana
- Zava-dehibe ny manasonia fifanarahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka hiantohanany fiaraha-miasa matotra amin'izy ireo
- Mametraka fifandraisana tsy tapaka amin'ireo mpiasa (email, telefonina) hahafantarana raha mizaka ny zony hatrany ny mpiasa any an-tanin'olona any, isan'izany ny zo hivezivezy, ny zo hijoro vavolombelona raha sendra tranga manahirana, ary ny zo hiala amin'y asany sy hiverina an-tanindrazana. Ny andiam-panontaniana apetraka aminy dia tokony hahitana soritra ny fahafahany misitraka tsy andoavana sarany ireo tolo-draharaha hikorakorana azy
- Miara-miasa amin'ireo fiaraha-monimpirenena sy ireo foibe mpandray mpiasa na izay manao ny fandraisana mpiasa mivantana hiantohana ny fanampiana azy hanana fivelomana lavorary rehefa tafaveina mody. Mitana lisitr'ireo rafitra mpanohana sy ny andraikiny avy. Manasonia fifanaraham-piarahamiombon'antoka amin'ireo araka izay ilàna azy.



Kendrena ny fampanaraha-penitry ny rafitra fametrahana ny fitarainana sy famahana ny fifanolanana

- Fehezina tsara ireo fonjan-kevidehibe hoenti-miasa
- Mahafehy tsara ireo paipaik'ady araka ny lalàna sy fizotran'ny raharaha, ary ny mombamomba ireo mpisehatra samihafa sy ny andraikiny avy. Tafiditra amin'izany ny fotoana hifanakalozam-baovao sy toro-lalana ho an'ny mpiasa, ny fandrafetana antonta-taratasy, ny fanasoniavana ny fifanarahan'asa ary fombafomba fanao any amin'ny firenena hivahiniana
- Hofanina ny mpiasa hahay mamantatra sy haka fepetra mahomby manoloana izay mety ho trangana hosoka sy fanararaotana. Entina eo anatrehan'ny mpampiasa sy ny manam-pahefana tomopon'andraikitra ny tolo-kevitra ho fampiharana izany.



Manentana ny mpiasa mpila ravin'ahitra mikasika ny maha-zavadehibe sy ny tombony azo ami'ny fidirana anaty tambazotra sendikaly

- Ampahafantarina ny mpiasa ary tsindriana tsara ny andraikitra sy asan'ny fivondronan'ny mpiasa.
- Soratana mazava anaty fitaovan-tserasera ny zo amin'ny fahalalahana sendikaly sy ny dinika iombonana.
- Ampahafantarina ny mpiasa ny tombony azo amin'ny fidirana ho mpikambana anaty sendika, isan'izany ny fahafahana maka fiarovana avyaminy raha tojo olana mifandraika amin'ireo zony fototra maha-piasa. Ampahafantarina azy fa manan-danja kokoa ny fangatahana sy fitakiana avy amin'ny sendika raha miohatra amin'ny fitoriana avy amin'ny isam-batan'olona.

*Reny token-tena
manan-janaka 3, Veronica dia
maniry ny hiverina hiasa any
ivelany izay nananany traikefa
tsara, ary tsy manam-
paharetana ny fanokafana ny
lalan'i Madagasikara - Libanona
- Koety.*



"© Organisation Internationale du Travail / COEF Ressources"



Apetraka ny tolo-draharaha hanampy ny mpiasa niverina amin'ny taniny hanana antom-pivelomana sahaza

- Manaraka akaiky ireo antotam-baovao mahakasika ny tolotr'asa misy, ny sehatra famatsiam-bola na tsenan'ny asa mety azo entina manampy hanana fiainana ara-tsosialy sy fiharian-karena sahaza any amin'ny tany nihaviany
- Mametraka rafitra mpanohana ireo mpiasa niverina antanindrazany hanamora ny fitsirihana azy ireo, hamatsy vaovao feno azy mikasika ny tolot'asa misy ary ny vaovao mikasika ny fiaraha-monina ho vantany....
- Manatanteraka hetsika ho fampahalalam-baovao sy toro-lalàna ho an'ny mpiasa tafaverina amin'ny alalan'ny peta-drindrana eny anivon'ireo biraom-panjakana, na mampihaona ireo rehetra mpisehatra sy manana tolotr'asa eny ifotony.

**Ny
fiarahamonim-
pirenena**

Manan-danja lehibe ny fiarahamonimpirenena eo amin'ny fanatevenana ny dinika sosialy. Mametraka zara-andraikitra mazava ho azy ireo ireo foto-kevidehibe iraisam-pirenena sy iraisam-paritra mikasika ny fomba hitantanana ny asa filan-dravin'ahitra, ary manomboka amin'ny tsindry amin'ny fanapahan-kevitra ara-politika sy ny rafitr'asa hifanarahana izany, hatrany amin'ny tena fandraisan'andraikitra ny mpanao tolo-raharaha ho an'ny mpiasa mifindra-monina sy ny tomban'ezaky ny politikam-panjakana.



Manao tsindry amin'ny fanapahan-kevitra ara-politika

- Mitondra teny sy miaro ny tombotsoan'ny fiaraha-monina manoloana ny mpanapa-kevitra. Toa izany koa ny fampitana ireo fanamarihan sy fangatahan'ny fiaraha-monina.



Mandrafitra tetik'asa sy hetsika manadrify ny famananana asa ara-drariny, indrindra ny fampivoarana ny dinika sosialy

- Manao fandalinana ireo tetikady politika, ireo paipaik'ady sy fifandraisana eo amin'ny samy mpisehatra amin'ny fampananana asa ara-drariny, ary mandray ireo tena trangan'olana sy mitondra soso-kevitra famahana olana sahaza hampandroso. Mandamina, manasokajy ary mametraka ny laharam-pahamehana hoentina miady kevitra sy mikaon-doha anaty dinika sosialy.
- Mampiditra, mampandray anjara ary maka hevitra amin'ny mpanandray anjara rehetra amin'ny fampandroasoana ireo tetik'asa, indrindra ireo rafi-panjakana itsinjaram-pitondrana ifotony mpanao ny fanjohiana sy tombana ny asa notanterahana.
- Manentana ny mpisehatra mikasika ny fanambin'ny fampananana asa ara-drariny

- Mampiasa ireo fitaovan-tserasera mety isam-paritra. Zava-dehibe ny fiaraha-miasa amin'ireo mpampahalala vaovao isam-paritra, ary toa izany koa ireo rafi-panjakana isam-paritra itsinjaram-pahefana sy itsinjaram-pitondrana izay sehatra lehibe hifaneraserana sy hifamoivoizan'ny olona sy vondron'olona maro. Toony ho hita manerana ireny toeram-pifamezivezen'ny olona ireny ireny fitaovan-tserasera ireny.
- Atsokofa anaty paik'adin-tserasera ny fomba hampandraisan'anjara feno ny mpisehatra rehetra amin'ny fanatrarana ny vinan'ny fampananana asa ara-drariny. Manao antso fampandraisana anjara sy fahalianana, na fakana hevitra sy vaovao tsotra fotsiny mikasika ny hafatra nampitaina. Raisina avy eo ireny fifanakalozana samihafa ireny ary alalinina sy raketina an-tsoratra ho fanatevenana ny fampiharana ny fizotry ny fampananana asa ara-drariny.



Mampahafantatra ireo tsara vita sy fanao nahitam-pahombiazana mikasika ny fampananana asa ara-drariny

- Manao fampitahana ireo traikefa hita teo amin'ny asa sy filandavin'ahitra iraizam-paritra, ary manasongadina ireo fanao nahitam-pahombizana hifampizarana sy hifampitana vaovao. Hafantoka amin'ny votoatin'ireo fifanarahana sy fifanarahana'asa, ireo paipaik'ady mikasika ny fandraisana mpiasa, ny fampitana ireo tolotra misy tany amin'ny ireo mpiasa sy ireo tolo-draharaha mpanampy, ary mikasika ny fihetsika mandala ny fahitsiana (Ho an'ny mpampiasa sy mpamorona'asa) ary fahaiza-miaro tena (ho an'ny mpiasa sy sendika).
- Mamokatra sy mandamina fitaovan-tserasera hahitana taratra ny finiavana hampanjaka ny soa toavin'ny mangarahara, ny fampitam-baovao mahomby sy tsy mitanila mikasika ny asa, ny fanajana ny zon'olombelona, ny tsi-fanavakavahana ary ny fiarovana mavitrika ny zon'ny mpiasa.

- Mikendry ny serasera mampandray anjara ny rehetra ary mivoy ny miralenta, ny tsy manavaka ara-poko sy ara-tsaranga, ary ny zara-andraiktry ny tsirairay mandritra ny fampananana ny asa.



Manohana ny mpisehatra fototra rehetra amin'ny fanatevenana ny lasi-pitantanana, ny drafitra stratejika ary ny drafitr'asa araka ny lalàna

- Mizara amin'ny mpisehatra rehetra ireo rijantenin-dalàna manankery, indrindra ireo fonjan-kevidehibe sy torolallana fampiharana ny fampananana asa ara-drariny avy amin'ny OIT.
- Manolo-kevitra ny amin'izay mety ho lalan-kizorana, toa ny antotan'isa mikasika ny fironana misy, ny vehivavy, ny tanora... mety hanampy amin'ny tsindry azo atao eo amin'ny lafiny lalàna sy ireo tanjona ara-stratejika. Toa izany koa ny fampahafantarana ireo mpisehatra ny amin'izay fanatsarana ireo rijan-teny sy fifanarahana iraisam-pirenena mifandraika amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, ireo fenitra iraisampirenena momba ny asa, ary ireo zo fisorohana sy famongorana ny asa an-terivozona sy ny fampiasana ankizy ary ny fanavakavahana.
- Manolo-kevitra ho fanatsarana ireo fitaovam-pitantanana ny mpisehatra. Mety hanana endrika famokarana ara-tsaina izany (fifampizaràna, fanofanana, sns.) na fanatsarana ara-teknolojika manamora ny fikirakiràna antotan-kevitra Lojisialim-pitantanana na fikirakirana ireo rakitry ny antoan-kevitra).



Manofana ireo mpiara-miombon'antoka sosialy-mpampiasa sy mpias- mikasika ny lohahevitra ny zon'ny mpifindra monina, ny fanajana ny fitoviana lenta sy fandraisana an-tananana, ary tsy adino ny miralenta

- Mamboly fihetsika sy foto-pisainana mifandraika amin'ireo loha-hevitra hanamora ny fananana fironana amin'ny fahitsiana

mandritra ny asa fanofanana, dieny fandrafetana ny lamin'asa hatrany amin'ny fantanterahana sy ny tomban'ezaka. Tokony ho hita taratra anaty antotan-taratasy sy ireo fitaovana samihafa, ny finiavana hanasongadina ireo soa toavina ireo.

- Mampandray anjara ireo fiarahamonim-pirenena sy mandaminany fandraisan'anjara arakaraka ny fahaiza-manao manokana hananan'ny tsirairay sy ny loha-hevitra ho dinihana
- Homen-danja ny fandalinana tranga manokana sy ny lalao antsehatra hampisongadina tsara ny fampiharana ireo fonjan-kevitra mandritra ny asa rehetra. Araka izany, dia hivoaka avy amin'ny alalan'ny traikefa manokan'ny samy mpisehatra ny taratry ny zava-misy iainan'izy ireo sy ireo fomba samihafa azo enti-mamaha ireo olana lehibe.



Manao hetsika ara-tsosialy sy mitondra fanohanana amin'ny fitarainana na fifanolanana mitranga

- Mampandre avy hatrany ny manampahefana mahefa raha vao misy tranga fandikan-dalàna na fifaolanana eo amin'ny roa tonta- mpampiasa sy mpiasa- ary manampy azy ireo amin'ny anjara andraikitry amin'nyfamahana ny disadisa. Ilaina amin'izany ny famoronana fisy fiandraketana ny zava-mitranga na modely fisy fanaovana tatitra hanamora ny tatitra.
- Mirotsaka ho mpanelanelana sy manampy izay trapahavoazana manantona ireo sampandraharaham-panjakana misahana ny fampananan'asa sy filan-dravinahitra. Zava-dehibe araka izany ny fahafantarana tsara ireo sampandraharaham-paritra itsinjaram-pitondrana hanafaingana ny fandraisana fepetra hamahana ny disadisa sy ny olana.
- Mametraka sampan'asa mpanohana ara-tsaina handray antanana ireo tojo fampijaliana na asa an-terivozona. Safidy roa no azo atao, toa ny fakana manam-pahaizana manokana ho

an'nizay tranga miseho, na ny fitsirihana rafitra mpikambana mpandray an-tanana manokana ny trangan'olana ara-tsosialy, to any fanaovana herisetra eo amin'ny maha-lahy sy vavy na amin'ny zaza.



Manangona ny antontam-baovao mamaly ny filàn'ny mponina mikasika ny fampananan'asa

- Mametraka rafitra mpanangom-baovao hahafahana mamantatra ireo mpiasa mpitady asa sy ny filàny ary ny fatra-pahalalany hatrika ny tontoln'ny asa. Farafahakeliny dia tokony hahitana fisy na taratasy ho fenoina (taratasy na anterineto) mirakitra ny fari-pahaizana sy ny traikefa, ny fari-piainany sy izay heverin'ny mpiasa ho mety ho aviny. Azo heverina ihany koa ny famoronana vondron'olona hifampihainoana eny anivon'ny kaominina sy fokontany.
- Manao fandalinana sy manasokajy ireo toetoetry lasitry ny mpiasa vita fanisana. Ilaina amin'ny fanakilasiana ireo filàna samihafa izay hanampy amin'ny fampitodihana ny hetsika adisisika hatao, na ny tanjo-pitadiavan'asa. Mampiasa andiampanontaniana lasitra hahafahana mitsara sy manasokajy ny tolotr'asa voaray.
- Mampita ireo filàna any amin'ireo mpampiasa sy mpamoron'asa hahazoany mampifandrindra tsara ny tolotra sy ny tinady amin'ny sehatry ny fampananan'asa. Mahomby ny asa natao rehefa mifamaly tsara ny tolotra sy tinady arak'asa. Tsindrina hatrany tokony ampidirana ireo tondro-refy mifandraika amin'ny fampananana asa ara-drariny mandritra ny asa manontolo.



Manohana ireo sampandraharaham-panjakana misahana ny fampananan'asa

- Hamafisina ny serasera mikasika ny fivoatry ny zava-misy eo amin'ny fifindra-monina arak'asa sy ny fampananana asa ara-

drariny. Kajiana ny fifandraisana mitohy ny fifampitokisana amin'ireo sampandraharaham-panjakana eny ifotony, hahafahana mahazo sy mizara ireo angom-baovao mafana syazo antoka mikasika ny fampananan'asa sy ny fifindra-monina arak'asa. Ny isan'ny tolotr'asa mvoaka no tondro-refimpahombiazan'ny fiaraha-miasa.

- Manampy amin'ny fitsirihana ireo vaha-olana ho an'ireo fitarainana voaray na disadisa mitranga, avy amin'ny fanampiana eo amin'ny fomba fahatakarana ny rijan-tenindalàna, ny fampahatsiahivana sy fampiasana ireo fanao nahitam-pahombiazana, na teo amin'ny sehatry ny firenena na iraisam-pirenena. Ireo tatitry ny asa vita no tondro-refin'ny fahatraranan'ny tanjona famahana olana.
- Manampy eo amin'ny fametrahana rafitra fanjohina sy fametrahana fitarainana. Mahaso hatrany amin'izany ny tolo-kevitra fiaraha-mandinika na mitondra fanavaozana teknika sy teknolojika.



Manampy eo amin'ny fanatsarana ny sehatry ny lalàna hifanandrify amin'ny hevi-dehiben'ny fampananana asa ara-drariny

- Manao ara-maso mitohy ny vaovao miseho mikasika ny fanavaozana ny lafiny lalàna na izay lalàna hafa mety hisy fiatraikany mivaingana amin'ny fasanampiasa. Manampy amin'ny fanapahan-kevitra ireo tati-pikarohana ara-potoana, ary hahafahana manao tsindry sy/na manampy amin'ny fanitsiana ireo fenitra sy fitsipi-dalàna manankery.
- Miara miasa amin'ny mpandray anjara rehetra eo amin'ny fanagonam-baovao manandaja (Fanadihadiana amin'ny fahafaham-po, fanadihadiana tranga manokana) izay hanampy amin'ny fandalinana ny rafitra fandraisana mpiasa ho fanatsarana ireo pitsopitson-dalàna fototra eo amin'ny firenena.

- Mandrafitra atontan-taratasy adi-sisika mari-pototra sy manantanteraka hetsika tsindry hampifandrindra ny fanapahan-kevitra mikasika ny lalàna sy ho fampiharana matotra ny zon'olombelona, ny tsi-fanavakavahana, ny fampitoviana lenta ny vavy sy ny lahy, ary ny ady amin'ny asa an-terizona sy ny varotr'olona. Ny fisian'ireo tatitra mikasika ny adi-sisika no hahafahana manjohy sy manao tombana ny ezaka, sy vokatry azo avy amin'ny asa vita ho fanamafisana ny rafi-dalàn'ny fampananana asa ara-drariny.



"© Organisation Internationale du Travail / COEF Ressources"

Lapan'ny tanànan'i Sambava, renivohitry ny faritra SAVA, izay misahana manokana ny fametrahana sy famoahana ny kara-panondrom-pirenena.

3. Fanjohiana sy tombana

Mitaky fanagonanana sy fanadihadiana mitohy ny vaovao mahakasika ny fizotry asa natao sy ny fahatrarana ny tanjona voafaritra mialoha ny fanjohiana sy fanombanana ny fampiharana ny fampananana asa ara-drariny. Amin'izany, dia tsy maintsy miainga amin'ny drafitr'asa natomboky ny tompon'andraikitra ifotony mifanaraka amin'ireo vontootin'ity toro-lalana ity, mifanaraka amin'ireo tondro-refy hanaovana ny fanjohiana sy tombana. Ho amin'izany dia ireto telo ireto no asa hifotorana :

- Mampahafantatra ireo mpisehatra sy mpiara-miombon'antoka ny asa natao
- Mamaritra ireo anto-javatra miabo sy miiba hahafahana mitondra fanitsiana mitozo eo amin'ny asa atao
- Manao fanadihadiana ireo olana hita ary mitsara izany mihoatra amin'ireo tanjona napetraka sy hahafahana manolo-kevitra ho amin'ny toe-piainana azo leferina ho an'ny mpiasa.

3. 1. Manao fanjohiana ireo asa natao ho amin'ny fampananana asa ara-drariny

Fanaraha-maso, fitsirihana sy fanadihadiana mitohy, atao eo amin'ny asa fametrahana ny fampananana asa ara-drariny no andrasana amin'ny asa fanjohiana, ary ny tanjony dia ny hitondra fanitsiana izay mety ho lesoka ary mampifanojo ny hoenti-manana sy ny asa atao hanatrarana ny tanjona. Ireto avy no fanontaniana apetraka :

- Mitodika mankaiza ny fanatanterahana ireo asa voalahatra hatao ? Miroso makany amin'ny fanatrarana ny tanjona ve isika ?
- Inona avy no asa vita? Oviana ? Inona no tranga niainana azy?

Fe-potoana tahaka ny ahoana? Iza avy no mpan anjara?

- Mahafa-po ve ny dingana vita? Tamin'ny fomba malaky ve sa votsavotsa? Aiza ho aiza izao ?
- Amin'ny ankapobeny, misy lafiny roa ny asa fanjohiana:
- Avy ao anatin'ny: Fantarina ny isan'ireo asa narafitra hatao sy tanteraka, ny fisesin'ny fahavitany sy ny fari-pahombiazan'ireo tompon'andiikitra ifotony teo amin'ny fampidirana ireo fonjan-kevidehibe sy toro-lalana fampiharana mikasika ny fampananana asa ara-drariny tao anatin'ireo fitaovana nampiasaina sy ny fizotry ny fandi mpiasa.
- Avy aty ivelany : Fanangonana ireo tamberi-kafatra avy amin'ny vondron'olona iantefan'ny hetsika, ka fantarina ny sokaji-taona, ny sata ara-tsosialy, ny maha-lahy sy vavy, ary ireo fomba niainany izay mety ho fahasaratana sy fahamorana tojo azy ireo tao anatin'ny fizotry ny fampananan'asa.

Ny fanaraha-maso ny fampiharana ny fampananana asa ara-drariny dia hahafahana mamaly ireto fanontaniana ireto :

- Aiza ho aiza ny fanatrarana ny tanjona? Mbola azo hotanterahana ihany?
- Tontosa arak'izay nifanarahana ve ireo asa, araka ny drafitra napetraka?
- Ahoana ny hevitr'ireo voakasiky ny tetik'asa sy ireo mpiaramiombon'antoka?
- Inona no fanatsarana na fanovana tsy maintsy ho entina?

Ireo tondro-refin'ny fahatanterahan'ny asa, tahaky ny tatitry ny asa vita, ny isa sy ny karazan'eoasa natao, ny isanny mpandray anjara, ny mombamomba azy ireo... dia hahafahana manao fanjohiana araka ny tokony ho izy ny fampiharana ity boky tari-dalana ity .

3. 2. Manao tombana ny fametrahana ny fampananana asa ara-drariny

Asa atao amin'ny fe-potoana tsy maharitra ny tomban'ezaka, ary natao hitondrana fampitahana ny vinavinan'asa sy fanatanterahana izany, hamaritana raha mitondra any amin'ny fanatrarana ny tanjona napetraka mialoha. Ho antsika dia ireo ezaka natao ho fisorohana ny fanararaotana sy ho fiarovana ny zon'ny mpiasa no atao tombana. Aorian'ny fandinihana izany dia mitondra tolo-kevitra fanatsarana ho famahana ny olana sy ho fanangonana ireo fanao nahitam-pahombiazana eo amin'ny lafiny fampananana asa ara-drariny. Amin'izany dia ireto no fanontaniana hovoaboasana:

- Inona avy ireo zava-bita hita maso?
- Mitodika mankaiza ireo zava-bita?
- Inona avy no fiatraikan'ny asa vita ary mitondra fiovana toa inona?

Amin'ny ankapobeny, dia miodykodina amin'ireto teboka ireto ny fanaovana tombana:

- Ny fizotry ny asa : Atao fanadihadiana ny ezaka nentin'ireo tompon'andraikitra ifotony teo amin'ny fandaharan'asa, ny fanetsiketsehana ny hoenti-manana, ny fanatanterahana ny asa sy ny fanentanana ireo mpiara-miombon'antoka tamin'ny fanatanterahana ny fampananana asa ara-drariny. Amin'izany, dia apetraka ny fanontaniana mikasika izay elanelana hita eo amin'ny drafitr'asa napetraka sy ny fampiharana : Inona avy no sakana amin'ny fandrosoana? Inona avy ireo fanoitran'ny fampandrosoana ?Inona no vanim-potoana sy zava-misy ary inona no fiatraikany teo amin'ny asa fampiharana.
- Ireo vokatry azo : Ny vokatry tratra no hanaovana tombana amin'ny alalan'ny fandrefesana ny fahombiazan'ny asa vita mihoatra amin'ny tanjona. Izany hoe, hamarinina ny



Sarin'ny fokontany iray ao Sambava, antsoina koa hoe Tanambao Koety, satria betsaka ireo mpiasa mpifindra monina taloha nody avy any Koety no tonga tao.

fahombiazana (fahatrarana ny tanjona tratra mihoatra amin'ny teti-bola napetraka) ; ny vidiny (fahatrarana ny tanjona tamin'ny sarany tsy dia lafo) sy ny fahaiza-mitantana ny nenti-manana (hoenti-manana mifanaraka amin'ny tanjona tratra). Ho azo atao arak'izany, ny mamaritra ireo fiatraikany mivantana sy ny fiovana nentin'ny asa vita.

- Ny fandraisan'andraikitra : Hamarinina eto ny fatran'ny fandraisana andraikitra nentin'ny fiaraha-monina sy ireo tompon'andraikitra ifotony, raha mitaha amin'ireo asa takian'ity boky toro-lalana ity. Izany hoe, halalinina hoe hatraiza ny fatra-piombonan-kevitra, sy ny fiarahana ary ny fandraisana andraikitra avy amin'izy ireo.
- Ireo fiatraikany : Hamarinina eto ny firindra sy fifanojoana ary ny maha araka izay tena ilana azy ny asa natao, raha apitahaina amin'izay voarakitry ny boky toro-lalana sy ny tanjona napetraka. Mamaly ny filàna voatsirika tany am-piandohana ve ny asa notanterahana? Nitondra vaha-olana tokoa ve ny tanjona

nofaritana, ary tamin'ny fomba ahoana? Ho zahana manokana ny fiatraikan'ny asa eo amin'ny fahasalamana, ny lafiny ara-tsosialy, ny toekarena ary ny tontolo iainana

Farafahakeliny, dia natao hamaly ireto andiam-panontaniana manaraka ireto ny fanombanana ny fampananana asa ara-drariny :

- Tratra ve ireo tanjona manokatokana takian'ity toro-lalana ity?
- Nanampy ireo tompon'andraikitra ifotony teo amin'ny lafiny fampitaovana ve ity boky toro-lalana ity niatrehany ireo trangam-panararaotana, varotr'olona na asa an-terivozona?
- Nanampy ireo tompon'andraikitra ifotony ve ny boky toro-lalana tamin'ny fomba hitantanana ireo trangam-panararaotana nisy, ny varotr'olona na asa an-terivozona?
- Nitondra fiovam-pihetsika mandala ny dinika sosialy teo amin'ireo tompon'andraikitra ifotony ve ny fisian'ity boky tari-dalana ity?
- Mihena ve ary tamin'ny fomba ahoana ny fanararaotana sy ny tsy fanajana ny zon'olombelona hatramin'ny fotoana nampiharana izay voarakitry ny boky toro-lalana teo amin'ny fampananana asa ara-drariny?

Boaty 3. OHATRA FITAOVANA AZO ENTINA ANAOVANA FANJOHIANA SY TOMBANA IREO ASA NATAO HO AMIN'NY FAMPANANANA ASA ARA-DRARINY

- Fametrahana drafitrasa ho fampiharana ny fandraisana mpiasa ara-drariny eo anivon'ny sehatra rehetra
- Firaketana an-tsoratra ny zava-bita mifanaraka amin'ny drafitrasa napetraka
- Fanisana ny fitarainana momba ny fandraisana mpiasa
- Fandrefesana an'isa sy an-kevitra ny fanantonana serivisy ofisialy misahana ny fandraisana mpiasa, ny asa ary ny fampananana asa
- Fandrefesana an'isa sy an-kevitra ny fidiran'ireo « Agences » ao amin'ny sehatrin'ny ara dalàna
- Fametrahana ny lisitra ofisialin'ny « agences » ara dalàna
- Fanangonana ny vaovao eo amin'ny fitaleavam-paritry ny Asa, Fampananan'Asa, Asam-panjakana ary ny Lalana Sosialy

Fisaorana

Ny famoahana ity boky tari-dalana ity dia tanteraka noho ny vatsy azo tamin'ny alalan'ny ny Tetik'asa « Hetsika iraisam-pirenena ho fanavaozana ny sehatra fandraisana mpiasa mpila ravinahitra » (REFRAME), izay notohanana'ny Vondrona eorôpeana. Fitaovana izay novokarin'i Andriamatoa Noëlison Augustin RABEARIVELO, mpampiofana matihanina sy mpandinika ny fiaraha-monina notendren'ny tetikasa hamelabelatra ireo fonjakevi-dehibe sy torolalana fampiharana avy amin'ny OIT mahakasika ny asa aradrariny.

Ny mpanoratra dia maneho fisaorana sy fankatelemana ny ekipan'ny OIT any Genève sy Antananarivo, singanina manokana ao anatin'izay i Andriamatoa Coffi Agossou, Talen'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa eto Madagasikara, Comores, Maurice sy Seychelles tamin'ny fanohanany ; Ramatoa Noémie Razafimandimby, tompon'andraikitra nasionaly ny tetik'asa REFRAME eto Madagasikara tamin'ny fanampiana rehetra ; Ramatoa Nombàna Razafinisoa, tompon'andraikitra programa ary i Ramatoa Emma Raboanally, mpiandraikitra ny serasera sy fampahafantarana ho an'ny daholobe eo anivon'ny OIT eto Madagasikara.

Ankasitrahana eram-po erantsaina ihany koa ireo nanampy mivantana na ireo nanohana an-kolaka rehetra tamin'ny famokarana ity fitaovana ity.

Tompon'andraikitra irery amin'izay mety fahadisoana hita ao amin'ity boky ity ny mpanoratra.

ISBN: (Print) 9789220356807
ISBN: (Web PDF) 9789220356791

